# Ilay Voa Tsara Nafafy 17 Septambra 2018

# 17 Alatsinainy septambra

**Fa ny nofo manohitra ny Fanahy, ary ny Fanahy manohitra ny nofo ; ary mifanohitra izy roroa, mba tsy hahazoanareo manao izay zavatra tianareo.**
Galatiana 5. 17

**Ny tenanareo dia ataovy ho efa maty ny amin'ny ota, fa velona ho an'Andriamanitra ao amin'i Kristy Jesosy.** Romana 6. 11

### Ny ady atrehin'ny kristiana (3) : iza no handresy ?

Mba hanazavana io andinin-tSoratra Masina voalohany io tamina tanora, dia nanao izao sarisary izao ity kristiana iray : „Manana alika roa aho, ny iray mainty, ny iray fotsy. Miady matetika izy ireo". Nanontaniany ireto tanora, hoe : „Iza amin'ireo no handresy ?" Nihaino valinteny vitsivitsy izy, dia nanampy hoe : „Izay omeko hanina tsara kokoa !"

Ao amin'ny mpino dia misy toetra roa, manana hetaheta sy fitiavan-javatra mifanipaka tanteraka :

— ny „nofo", ilay toetra ara-boajanahary ao amin'ny olona rehetra, voamariky ny ota, ary

— toetra vaovao, ara-panahy, omen'Andriamanitra.

Ny „nofo" dia manana fisainana mitodika amin'izay rehetra mety ho karazam-pitsiriritana ; fa ny fihevitr'ilay toetra vaovao kosa dia velomin'ny Fanahy Masina, Izay miresaka an'i Kristy (Romana 8. 5). Samy mitaky ny sakafony isanandro ireo toetra roa ireo. Nefa samy hafa tanteraka ny zavatra ivelomany : ny sakafo mamelona ny toetra voamariky ny ota dia maharikoriko ilay toetra vaovao, ka mahatonga azy haniry sakafo tsara. Rehefa tsy manome hanina ilay toetra taloha, dia manao azy ho toy ny maty. Taomin'ny apostoly Petera isika hifady „ny filan'ny nofo", izay „miady amin'ny fanahy", ary ho „tahaka ny zaza vao teraka", maniry „ny rononom-panahy tsy misy fitaka" (1 Petera 2. 11, 2). Amin'izay dia ny Fanahy Masina no handresy.

Ho an'iza àry izay zavatra henoiko, jereko, vakiako, ataoko ? Ho an'ilay „toetra vaovao" ve, sa ho an'„ny nofo" ? Noho ny fahasoavan'Andriamanitra, izany fanontaniana izany dia afaka hanampy ahy hanao safidy tsara, mba hahafaly ny Tompoko.

*(amin'ny heriny ny tohiny)*